# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Aprily 2019

# 27 Asabotsy avrily

**Tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo tamin'ny fitondrantena adala... fa ny ra soan'i Kristy.** 1 Petera 1. 18, 19

## Ny tena harena

— Azoko ny loka lehibe indrindra tamin'ny antsapaka ! — Dia mihevi-tena ho manankarena ve ianao ? Henoy anefa ny lazain'i Jesosy Kristy amin'ny olona rehetra, na manankarena izy na mahantra : „Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy ?" (Matio 16. 26).

Ny tena harena dia maharitra mandrakizay, ary tsy mba voavidim-bola. Izay tsy hay vidina amin'ny vola dia omen'Andriamanitra anao maimaimpoana.

Eto amin'izao tontolo izao ianao, amin'ny alalan'ny vola, dia afaka :

— mahita fahafinaretana mandalo, fa tsy *fiadanana* na *fahasambarana* ;

— manao fanekem-piantohana ny aina, fa tsy ny *fiainana mandrakizay* ;

— mahazo toerana ambony eto amin'izao tontolo izao, fa *tsy any an-danitra…*

Araka izany, izay tsy ho azonao amin'ny asanao na amin'ny volanao, dia atolotr'Andriamanitra anao :

— *Ny fiadanana, ny fihavanana aminy ary ny tena fahasambarana.* Jesosy dia efa nanao fampihavanana tamin'ny rany teo amin'ny hazofijaliana (Kolosiana 1. 20). „Satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia manana fihavanana amin' Andriamanitra, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Tamin'ny alalany koa no nahazoantsika ny fahafahana manatona izao fahasoavana itoerantsika izao, noho ny finoana ; koa mirehareha amin'ny fanantenana ny voninahitr'Andriamanitra isika" (Romana 5. 1-2, Fanitsiana fahenina 2011).

— *Ny fiainana mandrakizay* : „Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo" (1 Jaona 5. 13).

— *Toerana any an-danitra* : „Raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa" (Jaona 14. 3).

Maimaimpoana izany rehetra izany, satria Jesosy no efa nanefa ny sandany.